Dia nesorin'i Davida daholo ireo fitaovana ireo, ka ny zavátra fampiasany miandry ondry ihany no nentiny (tehina, vato kilonjy dimy ary antsamotady), ary dia resiny i Goliata.

## Ary isika ? Inona no azontsika hatao hanomanan-tena ?

Tokony hihaino izay lazain'ny namantsika ve isika, sa hanaraka ny feon'ny fieritreretantsika ?

Tsia ! Ampy ny mino izay lazain'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly : **« Toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra** *(izany hoe izaho sy ianao)* **mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay »** (Jaona 3.16).

Ny mino ny Zanak'Andriamanitra, dia ny mino fa nentiny teo amin'ny hazofijaliana ny fanamelohana izay mendrika ny fahotantsika teo imason'Andriamanitra.

**Efa vitan'i Jesoa Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, daholo, ny zavatra rehetra.** Noho ny fitiavany antsika, dia maty Izy, nisolo toerana antsika teo amin'ny hazofijaliana. Nivoaka avy teo amin'ny lanivoany, izay nolefonina, ny rany hamafa ny fahotantsika rehetra. Izay ihany no tokony hinoana, mba ho vonona hihaona amin'Andriamanitra, ka tsy hiharan' ny fitsaràny.

Efa nomanin'Andriamanitra ho antsika daholo ny zavatra rehetra. Fanapahan-kevitra avy amintsika, sisa, no andrasany.

**« Raha manaiky an'i Jesoa ho Tompo amin'ny vavanao ianao, ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena ianao »** (Romana 10.9).

Taorian'ny fanadinany, dia nanahy i Rivo, mandra-pahazony ny valiny.

Fa izay mino an'Andriamanitra, dia tsy tokony hanahy. Voavonjy ho mandrakizay izy.

**« Izay mino ny Zanaka, manana fiainana mandrakizay »** (Jaona 3.36a).

**« Fa izay tsy mino** *(na tsy mankatò)* **ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy »** (Jaona 3.36b).

Ry mpamaky malala, voaro amin'ny fitsarana ve ianao ? Zava-doza tokoa raha tonga tampoka aminao ny fahafatesana, nefa mbola tsy vonona ianao!. **Ho TARA LOATRA, ary ho mandrakizay !**

**« Miomàna... ianareo ! »** (Lioka 12.40).

Imp. IMEAF · 26160 La Bégude-de-Mazenc · Dépôt légal 4e trimestre 2009

# ANTSO

ho an'ny TANORA N°001-260

## « Miomàna, ka mitaova tsara ianao. »

(Ezekiela 38.7)



## Fanadinana

Nitsotra naka aina i Rivo. Nakombony ny kahie-ny. Vita izay ny famerenana ny lesona farany. Afaka mampiriorio saina, aloha, izy.

Tonga ihany ! **Rahampitso ilay andro lehibe**. Faly erỳ i Rivo, fa tonga ihany ilay andro nandrasana ! Ela izay efa nieritreretany an'io izay, sy nanomanany tena ! Mbola tany amin'ny ambaratonga faharoa izy dia efa fantany fa ny hanao dokotera mpitsabo biby no tiany. Koa tanjona iray ihany no nataony an-tsaina : tsy maintsy tafita. Nianatra mafy izy, hanomanany io asa io. Nahenany aza ny fanazaran-tena tamin'ny baolina kitra, mba hananany fotoana bebe kokoa hianarana. Nihevitra izy fa nanao izay rehetra azony natao. Dia rahampitso, izao, ny fanadinana sady fifaninanana.

Nitsangana izy, afa-po. Nomaniny ny entany rahampitso. Nahatsiaro ho vonona izy.

## Manoman-tena

Isika koa manokana fotoana hanomanana ny zavatra ataontsika isan'andro, toy ny hoe manomana ny kitapo hoentina rahampitso, manomana ny lisitry ny zavatra hovidina any an-tsena, manomana ny ilaina amin'ny dia iray... Ary toa an'i Rivo, dia mbola be kokoa aza ny hery ampiasaintsika hanomanana zava-dehibe (zava-baovao, fifaninanana, fanadinana, fotoana nifanomezana, asa mahaliana...).

## Inona no zavatra tokony hanomanan'ny tsirairay tena ?

I Rivo dia nanoman-tena ho an'ilay asa tiany hatao fotsiny. Nametraka tanjona iray izy : ho tonga dokotera mpitsabo biby. Fa ahoana raha marary mafy izy ?

Hoy Andriamanitra : « *He ! ianareo izay manao hoe : Anio na ampitso dia hankany Ananona izahay [...],* ***kanefa tsy mahalala ny ho ampitso ianareo. Inona moa ny ainareo ? Fa zavona ihany ianareo, izay miseho vetivety, dia levona*** » (Jakoba 4.13-14).

Ary raha maty izy ? Dia ho aiza ny fanahiny ?

Mazava ny lazain'ny Baiboly momba izany : ***« Ny vovoka dia hiverina amin'ny tany... ny fanahy kosa hiverina amin'Andriamanitra, izay nanome iny*** » (Mpitoriteny 12.7).

***« Tahaka ny nanendrena ny olona ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana »*** (Hebreo 9.27).

Etỳ an-tany isika dia manao ezaka mafy, hanomanan-tena ho amin'ny zavatra tiantsika. Nefa manan-danja lavitra noho izany ny fanomanantsika ny ho mandrakizay, satria manana fanahy tsy mety maty isika.

**« Miomàna hihaona amin' Andriamanitrao »** (Amosa 4.12).

Hihaino ny feon'Andriamanitra ve isika ka hankatò Azy **ANIO**, **dieny mbola tsy tara loatra** ?

***« Anio, raha hihaino ny feony ianareo, aza manamafy ny fonareo »*** (Hebreo 4.7).

## Inona no hatao hiomanana hihaona amin'Andriamanitra ?

Tsara ny miomana, nefa tsy maintsy **amin'ny fomba tsara no anaovana izany**.

Mampahatsiahy ahy ny tantaran'ity mpiandry ondry iray izany. Taloha elabe, dia nisy tovolahy nantsoina hoe Davida. Niandry ny ondrin-drainy tany an-tsaha izy. Indray andro, nefa, izy dia tsy maintsy niomana hiady tamina olona goavana iray nantsoina hoe Goliata. Nentina teo anoloan'ny mpanjaka i Davida, ary nomeny akanjo fiadiana, fiarovan-doha, fiarovan-tratra sy sabatra.

Toa hoe vonona erỳ izato izy, mitafy toy ny tena miaramila e ? Eny e ! Mitafy ny zavatra ilaina hoentina miady izy, nefa, raha vao nanandrana handeha, dia nihiaka hoe : « *Tsy afa-mandeha amin'ireto aho, fa tsy mbola nahazatra ahy* » (1 Samoela 17.39).